Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

Veillée de prière jeudi 14 janvier 2021

Thème : Suivre l'exemple de Paul
Texte : 2 Timothée 3.1-17

Fiharabana Apostolika

FFPM550/1,2
1. Ry Tompo ô, ny tany maina
No itoerako ;
Midina re, ry Andon'aina
Ho ao anatiko.

2. Tsy aloka malaky lasa
No angatahiko,
Fa hery monina hiasa
Sy hanavao ny fo.

Vavaka fihaonana sy fiaiken-keloka

FFPM550/3,4
3. Ny afonao ampandreseo
Ny afon'nofoko ;
Ny sitrakao anie hekeko
Ho tena sitrako.

4. He, tena zavatra ilaiko
Ny hohavaozinao;
Ny ainao asoloy ny aiko
Ho velon-ko Anao.

Fampidirana

FFPM752/1 (Feony FFPM 473)
1. O, ry Jesosy ny Anaranao

Manatsika ahy izao hanatona,
Hanolotra ny foko ho Anao
Mpamonjy tia sy Mpamelona !

Vakiteny 1 : 2 Timoty 3.1-9

Fanazavana fohy

FFPM752/2,3
2. Manatona aho ka miondrika
Hanoroka ny tongo-masinao
Izaho olona tsy mendrika
Ka mba havaozy Tompo, ho Anao !
3. Antsoiko isan'andro Ianao,
Ry toky tsara mahafatra-po,
Ka amin'ny Anara-masinao
No anankinako izay hanjo !

Vavaka isan-tokantrano

- Mivavaka isika mba tsy ho sodokan'ny zavatra ivelany fa hahatakatra ny fahasoavana amin'ny zava-panahy.
- Mivavaka mba hijoro ho vavolombelon'ny Tompontsika amin'ny andro mahory.

Vavaka ataon'ny Mpitandrina

Vakiteny 2 : 2 Timoty 3.10-12

Fanazavana fohy

FFPM752/4,5
4. Raha Io no entiko mangataka
Hisokatra amiko ny lanitra,
Ka dia ho azoko malalaka
Ny zava-tsoa izay maharitra !

5. Mamirifiry izao tontolo izao
Tsy misy tena fitsaharana ;
Fa fiereko ny Anaranao
Ka ahitako fiadanana !

Vavaka isan-takantrano

- Mivavaka mba hanana ny toem-panahy araka an'Andriamanitra, hanahaka an'I Paoly tahaka ny hanahafany an'I Kristy.
- Mivavaka ho an'ireo iharam-panenjahana mba hahazaka ny hazo fijaliany.

Vavaka ataon'ny Mpitandrina

Vakiteny 3 : 2 Timoty 3.13-15

Fanazavana fohy

FFPM752/6,7
6. O, ry Anaran'i Jesosiko,
Ry paradisa aty an-tany ô !
Ry voninkazo mampifaly fo ;
Ry tohan'aina ao an-dalako,

7. Iriko andro aman'alina
Ny hanana Anao ho ao am-po ;
Ho tokiko raha mbola velona
Sy amin'ny hahafatesako !

Vavaka isan-tokantrano
- Fisaorana an'Andriamanitra nahadikàna ny Soratra Masina amin'ny teny Malagasy.
- Mivavaka mba hahazoto hamaky ny Tenin'Andriamanitra ary handray ny fahasoavana rehetra avy amin'izany.

Vavaka ataon'ny Mpitandrina

Vakiteny 4 : 2 Timoty 3.16-17

Fanazavana fohy

FFPM510/1
1. Jeso! ny hamarinanao
No lamba hitafianay,
Amin'ny andro farany,
Izany hifalianay.

Vavaka isan-tokantrano
- Vavaka malalaka.

Vavaka ataon'ny Mpitandrina

Hira Chorale : Eo ambany fahasoavanao

Fehiny :

1Jaona 4.1 ; Jaona16.13 ; 1Jaona 4.4
“Ry malala, aza mino ny fanahy rehetra, fa izahao toetra ny fanahy, na avy amin’ Andriamanitra ireny, na tsia, satria maro ny mpaminany sandoka efa lasa any amin’ izao tontolo izao. Atỳ amin’ izao tontolo izao no ahitanareo fahoriana; nefa matokia; Izaho efa naharesy izao tontolo izao. Anaka, hianareo dia avy amin’ Andriamanitra ary efa naharesy ireny, satria lehibe Izay ao aminareo noho izay ao amin’ izao tontolo izao.»

FFPM753/2
Fiv : Tiako ny hiaraka Aminao Jesoa
N’aiza n’aiza hitondranao ahy,
Tiako ny hiaraka Aminao Jesoa
Fa Ianao no miantso ahy !

2. Hiaraka Aminao aho, Ô ry Jesoa Tompoko
Hitory Teny soa amin’ireo havako ;
Hanara-dia Anao, zay no faniriako
Hanohy ny asanao aho, Jesoa !
Tiako ny hiaraka, sns...

Tsodrano
Ary ho an’ izay mahay manao mihoatra noho ny zavatra rehetra, eny, mihoatra lavitra noho izay rehetra angatahintsika na heverintsika aza, araka ny hery izay miasa ato amintsika, ho Azy anie ny voninahitra ao amin’ ny fiangonana sy ao amin’ i Kristy Jesosy hatramin’ ny taranaka farany indrindra mandrakizay mandrakizay. Amena.
Aza matahotra hianao, fa momba anao Aho; Ary aza miherikerika foana, fa Izaho no Andriamanitrao.